


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fiombonana Marina

Aoka isika hifampihevitra



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Misy vokatra iray toa ratsy ny fiombonana amin'Andriamanitra sy ny mpiray finoana amintsika: tsy afaka ny hanana firaisana mitovy amin'ny tsy mpino intsony isika.

> "Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin'ny tsy mino. Fa inona no iraisan'ny fahamarinana sy ny fahotana? Ary inona no iombonan'ny mazava sy ny maizina? Ary inona no ifanarahan'i Kristy sy Beliala? Ary inona no iraisan'ny anjaran'ny mino sy ny tsy mino? Ary inona no ikambanan'ny tempolin'Andriamanitra amin'ny sampy? Fa isika no tempolin'Andriamanitra velona." (2 Korintiana 6:14–16)

Ny fisarahana amin'ny tsy mpino noresahin'i Paoly dia tsy ara-batana voalohany indrindra. Mety hahita ny tenantsika miaraka amin'ny tsy mpino isika isan'andro— ao an-tokantranontsika, any amin'ny toeram-piasantsika, na amin'ny asa hafa eo amin'ny fiainana an-davan'andro. Amin'ny toe-javatra toy izany, ny fijoroantsika Kristiana ho vavolombelona dia mitaky antsika ho sariaka, sy ho tsara fanahy, ary hifanampy. Fa isika dia tsy afaka mizara amin'ny tsy mino izay maloto ara-pitondrantena na ara-panahy na tsy manaja an'i Kristy. Amin'io lafiny io, dia tsy maintsy manaraka ny famporisihan'i Paoly ao amin'ny 2 Korintiana 6:17 isika:

> "Aza mikasika izay maloto."

Raha mahatsapa ny Fanahy Masina isika, dia hampitandrina antsika mandrakariva momba ireo fifandraisana maloto ireo Izy ary hampiseho amintsika ny fomba hiarovana ny tenantsika amin'izany.

Na izany aza, ny fiarovana azo antoka indrindra amin'ny firaisana diso dia ny firaisana marina. Amin'ny maha zanak'Andriamanitra antsika dia mpandova fifaliana sy

fitahiana tsy tambo isaina izay tsy fantatr'izao tontolo izao na inona na inona. Raha ny marina, dia nilaza tamintsika i Paoly fa "Isaorana anie Andriamanitra Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika Izay nitahy antsika tao amin'i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra" (Efesiana 1:3). Rehefa mizara tsy tapaka ireo fitahiana ireo amin'ny fianakavian'Andriamanitra sisa isika, dia tsy mahasarika antsika intsony ny fahafinaretan'ny fahalotoam-pitondran-tena, sy maloto eto amin'izao tontolo izao izay mandeha ao amin'ny fahamaizinana.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa manampy ahy mitia ny hafa lanao. Manambara aho fa niala tamin'ny fiombonana amin'ny maizina ka ho ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra, ry rahalahiko sy anabaviko ao amin'i Kristy. Hihevitra ny hafa aho, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-336-MLG
Nohavaozina farany: 31 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

